19

# NY HEVITRA ARA-DRAFITRA TOMPON-JAVATRA

## TANJONA

Mamaritra ny hevitra ara-drafitry ny Lazaina sy/na ny fitodiky ny fehezanteny ahitana enti-milaza andian-teny mivadi-drafitra tsy misy tsirin-teny maha-, mampi- …

## VONTOATIM-PAHALALANA

- Ambara fa Tompon-javatra ny Hevitra ara-drafitry ny Lazaina raha toa ka indray tanteraka ireto fepetra manaraka ireto :

• Andian-teny mivadi-drafitra ny Enti-milaza ;
• Tsy ahitana tovona maha-, manka- ilay Enti-milaza.

Raha Tompon-javatra ny Hevitra ara-drafitry ny Lazaina dia ambara fa “mitodika amin’ny Tompon-javatra” ny fehezanteny.

- Ambara fa Tompon-javatra ny Hevitra ara-drafitry ny Reni-fameno raha toa ka indray tanteraka ireto fepetra roa voalaza etsy ambony rehefa avadka ho Lazaina ilay RF.

## Lahatsoratra

Tafiditra kilasy mandry àry izao I Vola. IHarimanana dia zazavavy tiany fatratra ary niseho ho namany tokoa. Niara-niditra ho kilasimandry izy roa, mifanakaiky ny fandriany, miara-mipetraka amin'ny dabilio iray izy ao amin'ny efitrano fisakafoanana.

(…) tsara tarehy I Harimanana: ny fihetsiny sahisahy, ny masony baribary, ny famindrany miantranantrana. Mahay mihira fatratra izy, avo feo sy mora mandray feon-kira ery. Mpitarika ny hira takariva diavolana fanaon'ny kilasimandry eo amin'ny tokotany lehibe filalaovana izy. Zazavavy matoky tena ary mahay teo amin'ny fianarana. Ny bikany bako lava, ny volony tsotra sy mainty ngalingaly ataony sara-droa hatrany am-balahany.

***Clarisse Ratsifandrihamanana***
(Fahavaratra, tak. 37 sy 38)

## Sahanasa 1

1-Fanadihadiana lahatsoratra : Tanisao ireo mpamari-toetra mahakasika ny mpanadray anajara hita ao amin'ny lahatsoratra

2-Porofoy fa lahatsoratra manoritsoritra ity lahatsoratra ity.

3-Lazao ny tanjon'ny fanoritsoritana ataon'ny mpanoratra eto?

### Sahanasa 2

1-Rasao ny fehezanteny:

F1- Tsara tarehy I Harimanana.
F2- Avo feo I Harimanana.
F3- Tso-bolo izy.

2-Porofoy fa mitodika amin'ny Tompon-javatra ny fehezanteny.

3-Rasao ny fehezanteny ary porofoy fa RF Tompon-javatra ny RF ao.
Ny mahasahisahy fihetsika azy dia ny fahafantarany ny fitiavan'ny namany azy.

### Sahanasa 3

1-Lazao ny HAD ny Lazaina ao amin'ny fehezanteny:

F1: Velom-bolo ery izy nandre izany.
F2: Masiaka velona ilay rangahy.
F4: Zazavavy matoky tena izy.

2-Ataovy Lazaina ny teny misy tsipika eo ambaniny, ary lazao ny fitodiky ny fehezanteny.

F1: Ny mahatery saina azy dia ny fitaizana azony fony kely.
F2: Ny mahakizitina azy dia ny fahanterany.
F3: Natahotra ny hosakanan'ny olona eny an-dalana izy roalahy.